Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# NY BAIBOLY

# LA BIBLE

# BAIBOLY

- Anisan'ny maha izy azy ny Protestanta nateraky ny Fanitsiam-pivavahana (Reforme) t@ 16è siècle ny maha zava-dehibe ny Soratra Masina « Sola scriptura / Seule l'Ecriture »

- Koa tokony ho fantantsika ny BAIBOLY sy ny votoatin'ny boky tsirairay.

# BAIBOLY

- Tsy nilatsaka avy any an-danitra (Coran)

- Fa nosoratan'olombelona notarihin'ny Fanahy Masina.

# BAIBOLY / LA BIBLE

- Fanontaniana :

- Firy amintsika kristiana eto @ FPMA no mahafantatra ireo boky misy ao anatin'ny Baiboly ?

- Firy koa no afa- mamintina ny votoatin'ny boky tsirairay ?

# BIBLE /BAIBOLY

## ***Fintinina :***

Tantaran'ny famonjena nataon'Atra tao amin'i J.K ho an'ny olon-drehetra ny Baiboly.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# BAIBOLY / BIBLE

***Atra sy ny olona no mifanaiky ao amin'ny Baiboly ka***

***Atra manaiky hitahy sy hamonjy ny olona,***
***ary***
***ny olona kosa manaiky ho tia sy hanompo an'Atra.***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Bible / Baiboly :

- ***J.K no fototry ny tantara rehetra ao anatin'ny Baiboly,***

***satria***

- ***Izy no nitahiana sy namonjen'Andriamanitra ny olona***

- ***ary mbola Izy koa no ahaizan'ny olona ho tia sy hanompo an'Atra.***

# BAIBOLY / BIBLE : FIZARANY.

- ***MIZARA 2 :***

Testamenta Taloha (A.T / Fanekena taloha)

Testamenta Vaovao (N.T / Fanekena Vaovao)

# BAIBOLY / BIBLE : Firy ny isany ?

T.T + T.V : boky 66 .

ka

T.T : 39 - Fanekena Taloha (A.T)

T.V : 27 - Fanekena Vaovao (N.T)

# TESTAMENTA TALOHA :

## NY BOKY 5 VOALOHANY : Pentateuque

**Pentatioka** (grika “Penta”, izay midika hoe 5 ) :

1) Fiandohana (Genesisy) , 2)Fahafahana ( Eksodosy), 3) Fisoronana ( Levitikosy), 4) Fanisana (Nomery), 5) Famerenan-teny (Deoteronomia).


# Famintinana ny boky GENESISY :

## <u>Votoatiny</u> :

Ny fiandohan'izao tontolo izao, ny fiandohan'ny olombelona, ny fiandohan'ny ota sy ny fahafatesana,

ny fiandohan'ny firenena Isiraely tamin'ny alalan'ireo Patriarka :

Abrahama, i Isaka, i Jakoba, i Josefa, no Patriarka tantarain'ny bokin'ny Genesisy.


FAMINTINANA NY BOKY EKSODOSY
na FAHAFAHANA

•Votoatiny : 1

• Mitantara ny nanafahan' Andriamanitra ny Zanak' i Isiraely, tamin'ny fanandevozan'ny Egyptiana, ka namonjeny azy.

Paska (Jiosy) : andro firavoravoana fahatsiarovana izany.

Milaza Fandalovana izany, satria mampahatsiaro ny nandalovan'ny anjely tamin'ilay alina farany tany Egypta, ka nahafatesan'ny lahimatoa egyptiana rehetra : na ny biby fiompy, na ny lahimatoan'i Farao mpanjakan'i Egypta.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA NY BOKY EKSODOSY na FAHAFAHANA

## **Votoatiny** :

- Mitantara ny nanafahan’ Andriamanitra ny Zanak’ i Isiraely, tamin’ny fanandevozan’ny Egyptiana, ka namonjeny azy.


- Paska (Jiosy) : andro firavoravoana fahatsiarovana izany fanafahana izany.

Milaza Fandalovana izany, satria mampahatsiaro ny nandalovan’ny anjely tamin’ilay alina farany tany Egypta, ka nahafatesan’ny lahimatoa egyptiana rehetra : na ny biby fiompy, na ny lahimatoan’i Farao mpanjakan’i Egypta.

-

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA NY BOKY EKSODOSY




## Votoatiny : 2

- Ny nanomezana ny didy folo.

- Misy ifandraisany amin'ny Paska izany, satria ny didy folo, sy ny lalàna no iarovan'Andriamanitra ny fireneny tsy ho azon'ny fahandevozana hafa indray.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA NY BOKY : Levitikosy.
# Na FISORONANA

.

## ***Votoatiny :***

vy amin'ny anaran'ny anankiray amin'ny zanakalahin'i Jakoba na i Isiraely hoe : Levy ny hoe Levitikosy.

zy ireo mantsy no nofidiana mba hanatanteraka ny asan'ny mpisorona, teo amin'ny renen'i Isiraely, ***ary ny momba izany fombam- pivavahana amin'ny asa fisoronana, sy ireo karazana sorona fanaon'ny Zanak'i Isiraely, no hita ao anatin'ny boky.***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA NY BOKY : Nomery na FANISANA.

## ***<u>Votoatiny</u>*** :

- Mitantara ny nivezivezen'ny Zanak'i Isiraely tany an' efitra nandritra ny 40 taona.

- Tantara iray hita ao ny nanisana ny vahoaka.

- Rahona no nitarihan'Andriamanitra ny Zanak'i Isiraely, rehefa niala tao Sinay, ka nandroso ho any amin'ny tany Kanàna.

- Ny mana nilatsaka avy any an-danitra sy ny papelika kosa no niveloman'izy ireo.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA NY BOKY : Deoteronomia

## <u>Votoatiny</u> :

- Averina indray ao anatin'ity boky ity ny lalàna .

- Ny momba ny ozona sy ny fitahiana, ny teny farany nataon'i Mosesy tamin'ny Zanak'i Isiraely,

Ny nanendrena an'i Josoa handimby azy talohan'ny nahafatesany.

# FAMINTINANA : Bokin'i Josoa

## *Votoatiny* :

- Ny nidiran'ny Zanak'i Isiraely tao amin'ny tany Kanàna, teo ambany fitarihan'i Josoa ;
- Ny nonenany teo amin'ny zara faritra nomena ny isam-poko tsirairay avy.
- Ny nitàna an'i Jordana, sy ny nakana ireo tanàna tamin'ny fanafihana, toy ny tao Jeriko.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA : Bokin'ny Mpitsara

## <u>Votoatiny :</u>

***<u>Mpitsara</u>*** : Olona nofidin'Andriamanitra ho mpanapaka ny Zanak'i Isiraely, raha vao tonga tao amin'ny tany Kanàna izy ireo.

***<u>Mpitsara</u>*** : Nanafaka ny Zanak'i Isiraely tamin'ny fampahorian'ireo firenena manodidina, nanao azy ho fahavalo.

- Fahavalo ny Z.I : Ny Moabita, ny Midianita, ny Amonita, ny Filistina. Ireo no fahavalo nanirahan' Atra ***ny mpitsara*** hanafaka an'i Isiraely.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA : Bokin'i Rota

- **<u>Votoatiny</u> :**

<u>TANTARA</u> :

- Vehivavy Moabita  , ary nanambady lehilahy Isiraelita, ka tonga razamben'i Jesoa Kristy.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon,  Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA : bokin'i Samoela 1 & 2 .

## ***Votoatiny*** :

- Ny tantaran'i Samoela, izay mpitsara teo amin'ny Zanak'i Isiraely, ary nantsoina koa hoe : mpahita (1 Sam 9. 9, 11, 18, 19), mpaminany, sady mpisorona izy.

- Samoela : Nanosotra ireo mpanjaka roa voalohany teo amin'ny Zanak'i Isiraely : Saoly sy i Davida .

# Famintinana : Mpanjaka 1 & 2

## *Votoatiny* :

- Mitantara ny fiainan'i Solomona, nandimby an'i Davida rainy, ny fahendreny, ny voninahiny, ny herin'ny fanjakany, ny nanorenany ny tempoly sy ny nitokanana izany.

- Nivaky roa anefa ny fanjakana rehefa maty izy, ka nandimby azy ny zanany. Nitondra ny anarana hoe : fanjakan'i Joda (***fanjakana atsimo)***, nisy ny fokon'i Benjamina sy i Joda), ary nanana an'i Jerosalema ho renivohiny.

. Taranak'i Davida avokoa ny mpanjaka nifandimby tao.

# Famintinana : Mpanjaka 1 & 2

## ***Votoatiny*** :

- I Samaria kosa no renivohitry ny fanjakan'i Isiraely (***fanjakana avaratra:*** nisy ny foko folo sisa tamin'ny zanakalahin'i Jakoba.).

- Ny fiainan'ny Zanak'i Isiraely, nandritra ny 500 taona, no asongadin'ny bokin'i Samoela sy ny bokin'ny Mpanjaka.

- Ny asan'i Elia sy i Elisa mpaminany.

# Famintinana : Tantara 1 & 2

## **Ny votoatiny** :

- Mamerina sy mameno izay efa voatantaran'ny bokin'i Samoela sy ny bokin'ny Mpanjaka.

# FAMINTINANA : Ezra sy Nehemia

## ***<u>Ny votoatiny</u>*** :

Atao indray milaza ireo boky ireo, satria indray nihira, ary niara-niasa tamin'ny niverenan'ny Isiraely avy any amin'ny fahababoana tany Babilôna izy ireo.

- I Ezra dia sady mpisorona no mpanora-dalàna.
- I Nehemia kosa dia laika niara-niasa taminy, sy nanampy azy, tamin'ny fananganana indray ny tanàna rava.
- Tantaraina ao ny nanorenana indray ny tempoly, sy ny nanavaozana ny fanompoampivavahana ary ny fiainam-bahoaka.

# Famintinana: ny bokin'i Estera

- ***Votoatiny :***

- Tantaran'ny tovovavy Jiosy iray , niaro ny fireneny tsy ho voaringana, tamin'ny fotoan'ny fahababoana

# FAMINTINANA ny bokin'i JOBA.

## ***<u>Votoatiny :</u>***

Mitantara lehilahy iray, tena tia sy natoky an'Andriamanitra ; ka tsy nivadika Taminy, na dia niharam-pahoriana mafy aza.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# FAMINTINANA : ny bokin'ny  Salamo

•

• ***<u>Votoatiny</u>*** :

• Boky mirakitra ny hira sy ny tonom-bavaka fanaon'ny Zanak'i Isiraely tao an-tempoly sy tany an-tokantrano.

# Famintinana : ny bokin'ny Ohabolana

## ***Votoatiny*** :

- Boky mampianatra ny tena fahendrena marina.

# Famintinana : bokin'ny Mpitoriteny.

- **Votoatiny :**

Boky mampiseho fa zava-poana ny fiainana eto an-tany, raha tsy mino sy manompo an'Andriamanitra.

# Famintinana : Tononkiran'i Solomona

## ***Votoatiny***:

Tononkira hanehoana ny fifankatiavan'ny mpifamofo, ary heverina fa azo hanakarana ny fifankatiavan' Atra sy ny zanak'i Isiraely, firenena nofidiny koa.

# Famintinana : Fitomaniana

## ***Votoatiny:***

Boky mirakitra tononkira momba ny faharavan'ny Isiraely, ambara koa fa fitomanian'i Jeremia izany.

# TESTAMENTA TALOHA / Bokin'ny Mpaminany

- Mitondra ny anaran'ireo mpaminany niasa teo anivon'ny firenen'Isiraely na ny fanjakan'i Joda :

1. Mpaminany lehibe :

- Isaia, Jeremia, Ezekiela, Isaia faharoa, Daniela ireo bokin'ny mpaminany lehibe.

2 . Mpaminany kely :

- Hosea, Joela, Amosa, Obadia, Jona, Mika, Nahoma, Habakoka, Zefania, Hagay, Zakaria, Malakia, kosa ireo mpaminany kely.
- N.B : ny boky mirakitra ny faminaniany no misy lava (lehibe) sy fohy (kely)

# Famintinana : Isaia mpaminany.

- ***<u>Isaia voalohany : 1-39</u>***

- ***<u>Votoatiny :</u>***

- Antsoina hoe : Isaia I ilay voarakitra ao amin'ny Isaia 1-39 ny faminaniany.
- Tamin'ny tapany faharoan'ny taonjato fahavalo, izany hoe : nanomboka ny taona 740 no niasany tao amin'ny fanjakana atsimo, nanana an'i Jerosalema ho renivohiny. Mpaminany tao an-dapa i Isaia I.

# Famintinana : Isaia mpaminany

# (tohiny)

## ***<u>Ny fiainam-pirenena</u>*** :

Roa ny firenena matanjaka indrindra fahizany, dia i Asiria, sy i Egypta. Niezaka ireo firenena notapahin'i Asiria , mba hiverenan'ny fahaleovan-tenany, ka nitady hanery an'i Joda i Siria sy i Isiraely, hiaraka amin'izy ireo amin'ny fanekena nifanaovany, mba hanohitra an'i Asiria.

- Tonga nanoloana an'i Jerosalema mihitsy ny tafik'izy ireo, ka nitrahotraho ny ady.

# Famintinana : Isaia mpaminany

## (tohiny)

- Tery i Ahaza mpanjakan'i Joda, ka niantso vonjy sy fanampiana tamin'i Asiria, ary mba hahafaly ny mpanjakan'i Asiria, dia voatery nampanangana alitaran-tsampy tao anatin'ny tempolin'i Jerosalema, i Ahaza mpanjaka.
- I Hezekia zanany no nanjaka nandimby an'i Ahaza, ary samy niezaka hahazo an'i Joda hiandany aminy, na i Asiria, na i Egypta. Nony nitongilanana kely tamin'i Egypta , i Hezekia mpanjakan'i Joda , dia nitoby hanao fahirano an'i Jerosalema ny tafik'i Asiria.

# Famintinana : Isaia Mpaminany

## ***(tohiny)***

Naminany i Isaia, fa mandalo ihany ny fanjakana iray, na dia izay matanjaka indrindra aza.

- Andriamanitra irery no mitana ny familiana ny tantara ; koa ny fahatokiana Azy tanteraka, no hany fiadiana mahomby eo anoloan'ny horohoro ateraky ny toetr'andro.

# Famintinana : Isaia II (40 – 55)

***Votoatiny*** **:**

- Mpaminany niasa teo anivon'ireo babo tany Babilona i Isaia faharoa. Tsy tena fantatra loatra izay tena anarany.

- Teny fampiononana sy fampanantenana ho an'ny firenena babo, no hita raha vao manomboka ny toko faha 40.
- Voatonona mihitsy ny anaran'i Kirosy, ilay mpanjaka Persianina, izay namoaka didy hampody ny babo any an-tanindrazany.

# Famintinana : Isaia II (40-55)

## ***Votoatiny :***

- Tamin'ny taona faha 538 no nivoahan'ny didin'i Kirosy, nanome làlana ny Jiosy hody any an-tanindrazany. Taloha kelin'izay no nanombohan'ny asan'i Isaia Faharoa, dia tamin'ny taona 540 teo ho eo, izany hoe : 200 taona taorian'ny nanombohan'ny asan'i Isaia I (taona 740).

- « Andriamanitra no mampionona sy manafaka ny fireneny ao anatin'ny fitsapana ».

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon,
Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans,
Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne,
Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Famintinana :Isaia II (44-55)

## ***<u>Ny Votoatiny :</u>***

- **Mitohy ny andraikitra natolotra ny Isiraely, dia ny ho fahazavana ho an'ny firenena rehetra.**
- **-Tompon'izao rehetra izao Andriamanitra, ka Izy no tena mitondra ny tantara : Izy no naniraka an'i Kirosy Jentilisa mpanjaka, hanafaka an'Isiraely babo.**
- **Ny filazany ny amin'ny Mpanompo'i Jehovah (Isaia 53) izay noraisin'ny fiangonana hatrany am- boalohany ho fanambarana mazava ny Vaovao Mahafaly momba an'i Jesoa Kristy. (Asa 8.32-35).**

# Famintinana : Isaia III (56-66)

- 

- ***<u>Votoatiny :</u>***

- Mitondra ny teny ho an'ireo efa tafaverina avy any amin'ny fahababoana kosa izy, toa an'i Hagay, sy i Zakaria, ary i Malakia .

- Ambarany koa anefa fa nirahin'ny Tompo izy, ary nametrahany ny Fanahiny, mba hitory Teny Soa Mahafaly ho an'ny malahelo sy ny torotoro fo (ampit. Lio 4.16- 21).

# FAMINTINANA ny bokin'i Jeremia –tohiny.

## ***<u>Ny votoatiny :</u>***

- Vao 23 taona monja i Jeremia, tany amin'ny taonjato faha 7 talohan'i J.K, no nanomboka ny asany, rehefa nantsoin'Andriamanitra ho mpaminany.
- Naharitra tokoa ny asa faminaniany, satria mandra-paharavan'i Jerosalema (- 586 J.C) no niasany, izany hoe 40 taona.
- Be fitiavana sy be fihetseham-po izy, nefa nahazo baiko tamin' Andriamanitra mba hitoetra tsy manambady.

# Famintinana ny bokin'i Jeremia – tohiny.

## ***Ny votoatiny :***

- Naminany teo amin'ny fanjakan'i Joda i Jeremia, tao anatin'izay 40 taona naminaniany.
- I Josia no mpanjaka ilay nanao fanitsiana goavana, niainga tamin'ny bokin'ny Deoteronomia.
- Niezaka hanao fanitsiam-pivavahanaizy, ka nakambana tany Jerosalema ny fanaovana sorona, mba tsy hisy halaim-panahy hivavaka amin'ny Andriamanitra tsy Izy ny vahoaka.
- Nikendry ny hahatonga an'i Joda ho fanjakana lehibe izy ; saingy tsy tanteraka izany.
- ***Ranomaso tsy nisy toy izany no nanehoan'i Jeremia mpaminany ny alahelony, ary nila ho tsy laitra nampiononina izy*.**

# Famintinana ny bokin'i Jeremia –tohiny.

## ***Ny Votoatiny*** :

Niankina tanteraka tamin'i Egypta kosa i Joiakima mpanjaka nandimby an'i Josia.

Nikomy tamin'i Asiria anefa i Babilona ka tsy ela akory dia nodimbiasan'ny fanjakan'i Babilona, ny fanapahan'i Egypta an'i Joda.

- Fitondram-panjakana tsy dia nahajoro ny tamin'ny andron'i Joiakima :

niseho ho mpankato sy nanaiky an'i Babilona ; nefa nandray ny torohevitr'i Egypta koa ; ka nanomana fikomiana.

- Tonga nanao fahirano an'i Jerosalema ny tafik'i Babilona noho izany, ka

nahazo azy, ary maty i Joiakima mpanjaka.

# Famininana ny bokin' Jeremia –tohiny.

## ***Ny votoatiny :***

- Nanohy ilay fitondrana tsy dia nahajoro tsara i Zedekia mpanjaka farany , teo amin'i Joda. Mpanjaka napetrak'i Babilona izy, nefa nanaiky hiombona tamin'ny fikomiana notarihin'i Egypta. Niverina indray ny babiloniana, ary narodany ny mandan'i Jerosalema, noravany ny tempoly, ary nentiny ho babo tany Babilona, ny olon-kendry, sy ny manan-kaja rehetra. Ny mahantra sisa najanony.

- Nametraka an'i Gedalia teratany Jiosy ho mpifehy tao indray ny Babilonianina ; saingy nisy namono io, ary noho ny tahotra ny valifatin'ny fanjakana Babilonianina, dia nirohotra nandositra tany Egypta ny mponina ; voafaoka (nentina an-keriny) tamin'izany i Jeremia mpaminany, ary noheverina fa tany Egypta no nahafatesany. Maty maritiora notoraham-bato izy.

# Famintinana ny bokin'i Ezekiela mpaminany

## ***Ny votoatiny***:

- Mpisorona i Ezekiela talohan'ny naha mpaminany azy. Anisan'ireo lasan-ko babo voalohany, tamin'ny taona 597 izy, ary nonina teo amoron'ny ony Kebara, tany Babilôna. Niaraka taminy ny vadiny (ilay tian'ny masony : Eze 24.16), izay maty tany am-pahababoana.
- Mampiavaka an'i Ezekiela amin'ireo mpaminany namany: ny naminaniany tamin'ireo Jiosy lasan-ko babo tany Babilôna,
- Ny mpaminany naminany teo anivon'ny fireneny tany an-tanindrazany .

# Famitinana ny bokin'i Ezekiela – tohiny.

## ***Ny votoatiny***

- Somary nanana fahafahana ihany ireo Jiosy babo tany Babilôna, satria afaka niasa tany ho azy, afaka nivarotra. Tamana noho izany ny sasany tamin'izy ireo, ka nony tonga ny fotoana nahazoany nody an-tanindrazana, dia naleony nijanona tany.

- Tsy noterena hivavaka tamin'ny andriamani-kafa koa ny Jiosy tany am-pahababoana ; saingy nijaly, noho izy lavitra an'i Jerosalema, sady efa rava koa ny tempoly.

# Famintinana ny bokin'i Ezekiela – tohiny.

## ***<u>Ny votoatiny</u>***

Ny faharesen'ny Isiraely tetsy an-daniny, dia noraisiny ho fahafoanan'ny herin'Atra , na ho fahafatesany mihitsy aza.

- Azon'ny famoizam-po lalina, ka nihevitra fa nafoin'Andriamanitra mihitsy ny fireneny.

- Ny sasany kosa dia nanana fanantenana poaka aty, fa halaky hody an-tanindrazana.

# Famintinana ny bokin'i Ezekiela – tohiny.

## ***Ny votoatiny***

Fitsarana sy fanamelohana no nambaran'i Ezekiela tamin'ireo lasan-ko babo voalohany ; fa tsy mbola ho tapitra ny famaizan' Atra, noho ny helok'i Isiraely, raha tsy ho rava mihitsy i Jerosalema.

Efa nihatra ny loza tamin'ny faharavana tanteraka ny 586, vao nanambara i Ezekiela fa na ireo babo voalohany, na ireo tato aoriana, dia samy mbola hody an-tanindrazana, sady hatsangana indray ny firenena, ary haorina i Jerosalema sy ny tempoly.

# Ny bokin'i Daniela

Apokalypsy : fanambaràna na fanesorana ny lamba manarona.

Tsy nisy akory ny mpaminany nantsoina hoe : Daniela, niasa teo anivon'ny zanak'i Isiraely fa boky apokalyptika mitovy karazana amin' ny boky apokalpsia izy ity.

- Rehefa nanomboka tsy nisy intsony ny mpaminany teo @ Israely no nipoitra ny karazam-boky atao hoe : apokalypsia.

Nateraky ny eskatolojia na ny finoana momba ny andro farany teo amin'ny Jiosy taorian'ny fahababoana, nanomboka ny taonjato II -J.K ka h@ taonjato- 1.K izany lahatsoratra izany.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Daniela –tohiny.

*Ny boky apôkalipitika : milaza koa ny fikorontanana hiseho mialoha ilay andro lehibe hitsaran'Andriamanitra izao tontolo izao, sady hihariharian'ny fanjakan'ny Mesia.*

*Votoatiny :*

*Ny hitondra hafatra ho fampaherezana ny mpivavaka, mba haharetany ao anatin'ny fanenjehana, ka hatoky hatramin'ny fahafatesana izy, satria manantena ny fandresen'Andriamanitra amin'ny farany.*

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Daniela

- ***Votoatiny :***

- Mantara ny zava-niseho tamin'ny fahababoana (- VI J.K ) t@ andron'ny fanjakana Babilônianina sy Persianina, nefa ny boky dia voasoratra taty aoriana ela (taonjato faha II).
- Ny tena zava-nisy : noraràn'i Antiochus Epiphane, grika mpanjaka, ny fitandreman'ny Jiosy ny sabata sy ny famorana.

Nanorenana alitara ho an'i Zeus tao anatin'ny tempolin'i Jerosalema, ary kisoa no nasaina natao fanatitra. Tena fahavetavetana tamin'ny Jiosy izany, ka ny mpanoratra ny bokin'i Daniela no niezaka hampahery ireo Jiosy mpivavaka nenjehina ; ka ny tantaran-dry Daniela sy ireo namany, no nosoratany hampitahana ny zava-nisy tamin'ny fanenjehan'i Antiochus Epiphane.

# Famintinana ny bokin'i Hosea

## VOTOATINY :

I Amosa no niasa talohan'i Hosea, tany amin'ny fanjakana avaratra, tamin'ny andron'i Jeroboama II sy ireo mpanjaka 6 hafa nifandimby taoriany.

I Hosea no mpaminany farany tany amin'ny fanjakana avaratra talohan'ny naharavan'i Samaria renivohitra tamin'ny 721 talohan'i J.K noho ny fanafihan'ny Asirianina.

# Famintinana ny bokin'i HOSEA -tohiny

- Manohina ny finoana tsy tsara orina ny faminaniana nitarihan' Andriamanitra azy : nasaina nanambady vehivavy janga izy, ary niaretany fahoriana maro izany. Tsy niova h@ farany anefa ny fitiavany io vadiny io.
- Sarin'ny fifandraisan'Andriamanitra @ Z.I , izay antsoina hoe : Jakoba na Efraima izany : fatra-pivadika amin'Andriamanitra izy, nivavaka tamin'i Baala, nijangajanga tamin'ny fanompoan-tsampy. Tsy natoky an'Andriamanitra izy, fa naleony niantehitra tamin'i Egypta sy Asiria. Izany no hitarika ny faharavany tanteraka.
- ***kanefa mahatoky Andriamanitra noho ny famindrampony mahagaga ; fa na dia manafay aza Izy, dia lehibe koa ny Fitiavany, ka hamela ny heloka ny olony Izy, dia i Isiraely izay oharina amin'ny vady malalany, ato anatin'ny faminaniana.***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Famintinana ny bokin'i Joela

## ***VOTOATINY***

- Joela : "Ny Tompo no Andriamanitra !"

- Vanim-potoana tsy nisian'ny mpanjaka saingy nampisongadina ny asam- pisoronana kosa no nahaveloman'i Joela mpaminany.

- Heverina fa taorian'ny fahababoana no nanoratana ny boky ( Joela 4. 2) ny @ Isiraely oloko sy lovako izay naeliny tany amin'ny jentilisa.

# Famintinana ny bokin'i Joela -tohiny

- Bokin'i Joela : Anisan'ny lahatsoratra apôkalipitika, izay milaza ny zavatra hitranga alohan'ny farany.

Mampiomana ny hiavian'ny Tompo, ny hiavian'ny andiam-balala mahatsiravina sy ny hain-tany izay hanapotika ny firenena. Tsy misy azo hatao amin'izay fotoana izay, na dia ny fanompoampivavahana aza.

- Ho avy hitsara Andriamanitra, ka samy hotsaraina na ny Isiraely na ny Jentilisa.
  - ***Asain'Andriamanitra antsoin'i Joela mpaminany hibebaka anefa ny olona mialoha izany rehetra izany ka hifady hanina, hitomany, hisaona, ary hanao vavaka fifonana.***
- ***Hisy fitahiana lehibe tokoa homen'Andriamanitra, raha mibebaka izy ireo, ary ny handatsahany ny Fanahiny amin'ny olona rehetra, no lehibe indrindra amin'izany fanomezana izany.***

# Ny bokin'i Amosa mpaminany

- ***NY <u>VOTOATINY</u> :***

- Amosa : Tamin'ny taonjato fahavalo no naminaniany ( toa an'i Hosea mpaminany) tany amin'ny fanjakana avaratra ( Samaria), na dia avy any amin'ny fanjakana atsimo aza no fiaviany.
- Tamin'ny vanim-potoana nanjakan'i Jeroboama faharoa izy no naminany.

Zava-nisy : Nandroso fatratra ny harena. Teo am-pelatanan'ny vitsy an'isa anefa izany. Maro kosa ny mahantra, ary na dia ny ainy aza dia teo am-pelatanan'ny mpanankarena. Amo. 8.4-6.

- Nanjakan'ny tsy fahamarinana avokoa, na ny varotra, na ny fitsarana , na ny fifampiraharahana samihafa rehetra. Amo. 5.10-12.

# Ny bokin'i Amosa mpaminany - tohiny

- Fanompoampivavahana na -naovam-piravoravoana :hira – dihy -zavamaneno fihinanana - fisotroana mahavoafady. (Amo. 5.21-23).
-

Hafatra : Atra  no Mpanjaka tena mitondra ny tany rehetra : tsy i Isiraely ihany, fa ny firenena rehetra (Amo 1-2.) Andriamanitra marina Izy, ka hovaliany ny helok'i Isiraely, firenena voafidy, nefa namadika ny rariny.

- Amo. 3.2  : Manambara famelan- keloka koa anefa Izy, araka izay hiseho aorian'ny fahababoana.

# Ny bokin'i Obadia mpaminany

Obadia : Mpanompon'i Jehovah no heviny. Boky kely indrindra ao @ T.T (and.21).

- Voasoratra taorian'ny nahazoan'i Babilôna an'i Jerosalema ( 587- J.K)
- ***Votoatiny :***
- Faminaniana ny @ handravana an'i Edoma no ambaran'ny boky. Taranak'i Esao rahalahin'i Jakoba, ny Edomita. Efa hatramin'ny ela no nampijaly ny Isiraely izy ireo, kanefa vao mainka niampy izany tamin'izao nandravan'ny Babilôniana an'i Jerosalema izao, fa feno avonavona sy nampahory tokoa izy ireo.
- Ambaran'i Obadia, noho izany fa ho avy ny andron'ny Tompo, izay handringanana an'i Edoma, sy ireo fahavalon'ny Isiraely rehetra, ary fampiononana ny Isiraely izany.

# Ny bokin'i Jona mpaminany

***<u>NY VOTOATINY</u>***:

- Mampiavaka ny bokin'i Jona amin'ny bokin'ny mpaminany rehetra :
- Izy mitantarany ilay mpaminany :

- ***JONA***
- Nirahin'Atra : hitory fandravana ho an'ny tanànan'i Ninive ; saingy nandositra, ka niharan-doza teny an-dranomasina !
- Nanomana hazandrano lehibe hitelina azy Andriamanitra.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Jona mpaminany - tohiny

- Velona soamantsara JONA, ary lasa nanatanteraka izay nampanaovin' Atra azy :
- nitory ny haharavan'i Ninive ! Nibebaka anefa ny mponina tao, ka niantran'Atra !

- Tsy Andriamanitry ny Jiosy ihany i Atra, fa an'ny firenen-drehetra koa.

- Ny ho fahazavan'ny Jentilisa ka hampiova fo azy, no anjara asan'ny Isiraely.

# Ny bokin'i Mika mpaminany

## NY VOTOATINY :

- Mika : Niara-belona tamin'i Isaia mpaminany (Isaia I). Fotoana nampihorohoro izany, fa nandrahona hamely ny fanjakan'i Joda ny Asirianina.

- Mika : nambarany fa ho rava sy ho potika toa an'i Samaria, rava t@ 721 talohan'i Jesoa Kristy, i Jerosalema, noho ny fahotana manjaka ao, indrindra ny tsy fahamarinana teo amin'ny fiaraha-monina.

# Ny bokin'i  Mika mpaminany -tohiny

- Nambarany fa miditra an-tsehatra mihitsy Andriamanitra : mitaky ny fahamarinana sy ny fitiava- namana.

- Samy nahazo ny teny tandrify azy : ny loholona, ny mpanapaka,  ny mpisorona,  ny mpitsara mandray kolikoly,  ny mpaminany sandoka mila vola amin'ny faminaniany.

# Ny bokin'i Mika mpaminany  - tohiny

- Manaitra ny mpihaino azy ny mpaminany, mba hisaina ka hanapa-kevitra hankato ny sitrapon'Andriamanitra, dia ny hanao ny marina sy ho tia famindrampo, ary ny hanaraka an'Andriamanitra amin'ny fanetren-tena.

Boky : Fananarana hentitra sy fanambarana ny famonjena izay hataon'Andriamanitra amin'ny ho avy.

# Ny bokin'i Nahoma mpaminany .

## ***NY VOTOATINY***

Nahoma : Mpampionona na Mpampahery no hevitry ny anarany.

- Elkosita izy, satria avy any Elkosy ny tanàna niaviany, izay any akaikin'i Lakisy.

- 663- 612 talohan'i J.K ny fotoana niasany, izay nandravan'ny Babilônianina an'i Ninive renivohitr'i Asiria.
- Firenena lehibe izay mpampahory ny Isiraely tokoa i Asiria, ***ary faminaniana mialoha ny handravana azy no ambaran'i Nahoma : fitsaran'Andriamanitra Tompon'ny tantara sy mitondra izao rehetra izao izany***.

# Ny bokin'i Nahoma mpaminany -tohiny

Zava-nisy : Feno fireherehana loatra i Ninive, feno famonoana olona, fa nataony endrika piramida ny karandohan'olona novonoiny.

- Nanaram-po tamin'ny filalaovan-dratsy sy ny fanompoan-tsampy koa ny olona tao ; koa izany no tsy maintsy hanoloran'Andriamanitra azy ho rava.

# Ny bokin'i Habakoka mpaminany

## ***<u>votoatiny</u>*:**

- Nisandratra tamin'ny heriny tokoa ny Babilônianina, fa rehefa avy nandresy ny Asirianina sy ny Egyptianina izy (612-605 –J. K), dia niroso niandalana am-pireharehana fatratra.
- Vanim-potoana nampagitakitaka ny Isiraely tokoa izany.
- Zava-nisy : Nijaly ny mpaminany noho ny fahitany ny fahoriana manjo ny fireneny noho ny fahotany. Mitaraina amin' Andriamanitra izy noho izany, ary faly rehefa mamaly azy Andriamanitra.
- Tokana ihany anefa izany valinteny avy amin'Atra izany : ***<u>ny finoana sy ny fiankinana Aminy, ary ny fiandrasana ny famonjeny amin'ny fanantenana no hahavelona</u>***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Zefania

## ***VOTOATINY*** :

- Zefania : taranak'i Hezekia mpanjaka, ary zanak'i Kosy, izay mety midika koa fa Etiopianina izy. Fantany tsara ny faritra maro tao Jerosalema, sy ny mponina tao.

- Sahiny ny niteny mivantana ny mpitondra amin'izay tsy mety nataony.

- Fotoana niasany : t@ fotoana naha mpanjaka an'i Josia, raha mbola kely ity mpanjaka ity. Izany hoe : fotoana ela talohan'ny fanitsiam-pivavahana nataon'io mpanjaka io, izay voalaza ao @ 2 Mpan. 22-23 sy ny 2 Tan. 34-35.

# Ny bokin'i Zefania- tohiny

- Boky : Andro fitsarana sady famonjena ny andron'ny Tompo !
- Endrika sy fomba samihafa no hanehoan'Atra izany, fa hitsara ny mponina ao Joda sy Jerosalema izy, ka ny mpitondra sy ny tompon'andraikitra ao @ firenena no ho meloka voalohany indrindra eo anatrehan'Atra, noho izany
- 
- Handrava ireo firenena mifanolotra amin'i Joda koa anefa Atra, ary hanangana indray an'i Jerosalema, rehefa avy namongotra ny ratsy tao anatiny,
- ***ka mponina mahantra sy nanetry tena sisa tavela tao, ka avy amin'ireo no hisehoan'ny taranaka vaovao.***

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Hagay

## <u>**votoatiny**</u>:

- Hagay : Mpaminany nirahina ho eo amin'ireo tafaverina avy any amin'ny fahababoana, na i Hagay na i Zakaria ( Ezra 5.1 sy 6.14).
- Samy nampahery ny Jiosy @ fananganana indray ny tempoly izay rava t@ 587 izy ireo, fa vetivety dia kivy sy niraviravy tanana izy ireo.
- <u>***Nambarany fa ny fahantran'ny vahoaka sy ny tsy fisian'ny vokatra, dia noho izy ireo tsy nikarakara ny tempoly, fa ny trano fonenany avy no nahamaika azy.***</u>

# Ny bokin'i Hagay tohiny

- Nambarany koa fa be ny voninahitry ny ***Tempoly vaovao, noho ny taloha, ary hisy ny fiadanana sy ny fahombiazana raha mankato sy miova fo ny olona***, ary i Zerobabela mpifehy, avy amin'ny taranak'i Davida, dia ***hahita hoavy mamirapiratra.***

- Nanetsika ny olona hanao ny asa indray izy ireo noho izany, ary nanomboka ny asa ny taona faha -520 J.K ka **vita** ny -516 J.K **ny Tempoly vaovao**

# Ny bokin'i Zakaria tohiny

2. Toko 9-14.

- Taty aorian'ny andron'i Hagay ny fizaràna faharoa izay mbola maneho ny hiavian'ny andro vaovao, dia ny hahatongavan'ny fanjakan'Atra manerana ny tany rehetra,
- ary ny hahatanterahan'izany ***amin'ny alalan'ny Mpamonjy iray, izay manana endrika mpanjaka malemy fanahy, nefa mpandresy, ary mpiandry ondry, ary iraka novonoina ho faty.***

- Ireo mpanoratra ny Filazantsara dia mandray ireo endriky ny Mpanjaka voalaza ao amin'i Zakaria ireo, hilazany ny fahafatesan'i Jesoa.

# Ny bokin'i Zakaria

- Zakaria : Zanak'i Ido, ary taranaka mpisorona izay tafaverina avy any amin'ny fahababoana izy.

- Voalaza ao amin'ny bokin'i Ezra sy i Nehemia izy

(Neh 12.16 ; Ezr 5.1 ; 6.14).

# Ny bokin'i Zakaria tohiny

• •

- Mizara roa mazava tsara ny bokiny :
  - Toko 1-8
- : fahitana manana endrika Apôkalipitika, ka mampiasa sary an'ohatra izay hazavain'ny anjely iray.

- Teo anelanelan'ny taona -520 J.K sy - 518 J.K no nahitany ireo fahitana valo ireo, izay hiseho amin'ny andro hanjakan'i Dariosa I mpanjaka Persiana.

- ***Manambara ny hamaliana ny firenena jentilisa ary ny hampiorenan'ny Tompo ny fanjakam-piadanany ao Jerosalema, ireny sary an'ohatra ireny.***

# Ny bokin'i Malakia

Malakia : Niasa taorian'ny fiverenana avy any amin'ny fahababoana.

Zava-nisy : Efa tafatsangana ny tempoly, saingy mila hanjaka ao amin'ny tempoly ny fahakiviana,ny harereham-panahy, ary miseho @ fomba fanatanterahany ny fanompoana an'Andriamanitra, izay tsy misy fanajana akory izany,

satria :

- biby misy kilema no naterina ho fanatitra, tsy manao tsara ny asany ny mpisorona fa nivadika ny fanekena,
- tsy mitandrina ny lalàn'Atra, ary mizaha tavan'olona. Niha nahazo vahana ny fisaraham-panambadiana, ary maro no maka vady any amin'ny Jentilisa mpanompo sampy.

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.

# Ny bokin'i Malakia tohiny

- Tsy mahay mamaly fitia an'Atra, ka tsy mahazo fitahiana ny Z.I.

- Ho avy ny andron'ny Tompo, izay famaliana ny mpiavonavona, fa hamirapiratan'ny marina kosa, ka hiverina indray ny fanompoana marina an'Atra.

- ***Ho avy indray anefa i Elia mialoha izany, ary tanteraka amin'ny fisehoan'i Jaona Mpanao Batisa izany, ao amin'ny Filazantsara araka an'i Matio.***

# FAMARANANA

Heveriko fa zava-dehibe tokoa ny fahalalana ny BAIBOLY, y (T.T) Fanekena Taloha, indrindra ireo teny faminaniana nampitondraina ny mpaminany,

- fa mpaminany ny fiangonana ry havana, ary mahagaga fa miaina ny zava-misy tsy misy hafa amin'izay niainan'ny Isiraely sy ny fanjakan'i Joda, ny firenena maro ankehitriny, eny izao tontolo izao mihitsy aza ;
- Ka inona no andraikitry ny FG, sy tena anirahan'ny Tompo azy ? Ary inona kosa anefa no ataony ?

Abidjan, Aix-Marseille, Amiens, Annemasse, Athis-Fanantenana, Avignon, Bordeaux, Caen, Cergy, Clermont-Ferrand, Creil, Dijon, Fihobiana-Paris, Grands-Champs, Grenoble, Lille, Lyon, Melun, Montpellier, Mulhouse, Nancy, Nantes, Nice, Orléans, Paris, Poitiers, Port Royal Arago, Reims, Rennes, Rouen, Saint Denis - Le Port (La Réunion),Saint-Etienne, Strasbourg, Toulouse, Tours, Troyes, Vatofehizoro, Vincennes, Yvelines-Fahazavana.